TRANGA

Mpivady indray naiditra am-ponja noho ny famonoana bevohoka

Nahitam-bokany aloha hatreto ny ezaky ny polisim-pirenena tao Antsirabe, nanodidina ny famonoana renim-pianakaviana bevohoka 3 volana tao Ambohipeno-Antsirabe. Mpivady isan'ireo nahiana tamin'ilay raharaha famonoana vehivavy mitondra vohoka tao Ambohipeno, no niaranaiditra vonjimaika any am-ponja, taorian'ny nampiakarana ny raharaha teo anivon'ny fampanoavana eto Antsirabe tamin'iny faramparan'ny herinandro lasa teo iny. Porofo nitanana azy ireo ny fahitana akanjo nihoson-drà tao an-tokantranony nandritra ny fisavana nataon'ireo mpanao famotorana teny anivon'ireo rehetra nahiana tamin'ity tranga ity. Raha tsiahivina dia renim-pianakaviana mbola vao 22 taona monja, manan-janaka 3 taona sy nitondra vohoka 3 volana no maty vokatry ny tsatoka zavamaranitra nataon'olon-tsy fantatra azy tao an-tranony tamin'ny andron'ny alakamisy 5 desambra lasa teo io. Nitondra ny raharaha teo anivon'ny polisy avy hatrany ny vadiny sy ny reniny raha vao vita ny fikarakarana ny razana, ka olona 8 izay mpiara-monina sy fianakaviany, nahitana ireo rafozany izay voalaza ho tsy nifanaraka tamin'ity renim-pianakaviana novonoina tamin'ny fomba feno habibiana ity no indray nohadihadiana tao amin'ny polisy sy nentina teo anivon'ny fampanoavana. Izy mivady izay nahitana porofo mampiahiahy ireo araka izany no voatana any am-ponja, raha nohafahana vonjimaika noho ny fisalasalana ireo enina hafa. Tsy mijanona hatreo anefa ny raharaha fa mbola mitohy, hoy ny avy ao amin'ny mpanao famotorana, izay nilaza fa maro no ahiahiana, ka tsy maintsy ho fotorana, mba hahitana izay tena marina mahakasika io vono olona tao Ambohipeno Antsirabe io.

Stefa

Zandary any Vatovavy Fitovinany

Olona miisa 272 voasambotra noho ny fangalarana lavanila maitso

Nanao jery todika ny asa vita tamin'ity taona ity, ny mpitantana ny zandarimariam-pirenena any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany. Nanambara ny kaomandin'ny vondron-tobim-pileovan'ny Zandarimariam-pirenena Vatovavy Fitovinany fa nisy ny ezaka tamin'ny fitandroana ny fandriapahalemana tamin'ity taona. Nolazainy tamin'izany fa:

-Nihena tamin' ny antsasany ny acte de banditisme, na ny asan-jiolahy.

-Olona 272 no voasambotra tamin'ny fangalarana lavanila maitso, ny 212 tamin'ireo no tanana am-ponja vonjy maika.

Tompon'andraikitry ny zandary any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany.

-Tsy nisy fitsaram-bahoaka ny tany amin'ny faritra tamin'ity taona ity, raha nahitana tranga 6 tamin'ny taon-dasa.

-Mahakasika ny asan- dahalo tany amin ny Distrikan'i Ifanadiana (Ambohimiera), nametrahana Zandary 25 lahy tany an-toerana hiaro ny vahoaka.

-Tsikaritra ihany koa hoy izy ny fitondrantena mendrika tamin'ireo zandary.

-Lavanila Maitso halatra mbola tsy matohy 1 taonina sy 500kg no nodorana.

-Basy tsy misy taratasy 6 sarona.

-Zandary 3 nosaziana noho ny fanaovany kolikoly.

Stefa

Ela nitoratorahana

Mpangarom-paosy tratry ny fitsaram-bahoaka

Ela nitoratorahana ka tratry ny be nohon'ny vitsy ny mpangarom-paosy iray tao Antsirabe tamin'ity herinandro ity, teo amin'ny kianjan'i Karmaly Tsarasaotra. Tokony ho tamin' ny 6 ora hariva tany ho any no nitrangan'ny asa ratsin'ity mpanao ratsy ity. Fantatra fa mpitondra Cyclo-psy no nendahin'i ranamana, ka niantso vonjy ary tsy ela dia tonga ireo namany tsy lavitra teo, ka nifanampy taminy. Raikitra ny daroka isankarazany, ka tsy afa-nanohitra ilay mpangarom-paosy saika hanendaka. Torana tsy nahatsiaro tena ilay lehilahy no tonga ny mpitandro filaminana avy tao amin'ny polisy. Rehefa hitan'izy ireo ilay jiolahy dia fantatra fa efa mpamerin-keloka. Nambaran'ireo nahita, fa avy any Antsenakely any ity jiolahy ity no mandeha manendaka tsy lavitra ny manodidina iny kianjan'i Tsarasaotra iny rehefa harivariva, izay efa nampitaraina ny maro saingy izao vao tratry ny be nohon'ny vitsy. Nentin'ny mpitandro filaminana ranamana ka hatreto dia tsy nahazoambaovao ny tohiny. Fa momba ireto totakely mpangaro-paosy mpanendaka eto Antsirabe ireto dia fantatra fa niisa 5 no naiditra am-ponja amin' izao fotoana, vokatry ny "Opération"nataon'ny polisim-pirenena Antsirabe amin'izao mialohan'ny fety izao. Betsaka mantsy ny fitarainana tonga any amin'ny polisy manodidina an'iny eny Antsenasabotsy iny rehefa fety toa izao, ka izany no nanaovana ny hetsika ary dia izao nahitam-bokany izao. Ny olana matetika, na misy aza ny hetsika ataon'ny polisim-pirenena dia avotsotra hatrany ireo totakely ireo rehefa tsy misy manao fitoriana, araka ny lalàna. Ny olana dia tsy misy sahy mitory ireo mpivarotra ao Antsenasabotsy nohon'ny tahotra ny valifaty, kanefa dia fantatr'izy ireo avokoa ireo zatovo manao ity asa fangaronam-paosy sy fanendahaha eto Antsirabe ireo, izay maro amin'izy ireo no tsy mbola ampy taona akory.

Lezama

Filaminam-bahoaka

Polisin'ny FIP vaovao miisa 102 vita fisedrana

Polisin'ny FIP vaovao miisa 102 no vita fisedrana eo amin'ny handraisany ny asany. Nosedraina ara-batana sy ara-tsaina ary nofaranana tamin'ny fandehanana an-tongotra izany fisedrana izany, nandritra ny alin'ny sabotsy 14 desambra 2019 lasa teo ireto polisy vaovao andiany « Fenitra » ireto no niatrika izany ary izay vao notolorana ny ecusson, manamarika fa Polisy avy ao amin'ny hery vonjy taitra (Force d'Intervention de la Police) izy ireo. Miisa 102 ireo Polisy nahavita ny fisedrana ary izao no natao dia mba hananan'izy ireo toe-tsaina mendrika sy herim-batana matanjaka ary koa entina sahady hamolavolana ny saina sy ny vatan'ireto andiany vaovao ireto amin'ny asa izay miandry azy.

Niaina

Ireo andiany vaovao ao amin'ny polisin'ny FIP.

Fakana permis biométrique

Toa anjakan'ny kolikoly indray

Tranon-dainga tanteraka ny fitondram-panjakana raha zohina amin'ny zavamisy ! Saika fampanantenana sy fita-bitro hatrany mantsy no ataon'izao fanjakana izao raha tarafina amin'ity fametrahana vatofotora etsy sy eroa ity satria tsy hita ao anatin'ny tetibolam-panjakana akory ireo asa faritana etsy sy eroa ireo. Fa mbola tranga hafa ihany koa ny fanamboarana « permis » ao amin'ny faritany satria fantatra, fa dia velom-panontaniana tanteraka indray ireo mpanjifa, mpamily fiarakodia mila manavao, na manolo fahazoan-dalana mamily fiara sy ny mpanavao ny taratasin'ny fiara ankehitriny. Tsy marina tanteraka ilay filazan'ny tompon'andraikitra fa hatramin'ny taona 2023 ny fahafahana mamoaka "Permis" sy "Carte Grise" ao amin'ny faritany, saingy tsy izany ny zavamisy satria ireo fangatahana manokana ihany no mahazo izany aloha hatreto, fa ireo nomena fotoana efa voafaritra dia nahemotra hatrany aloha hatreto. Efa nambara teto ny olana nisy tao amin'ny faritany, saingy nitondra fanazavana ny tompon'andraikitra, fa tsy marina iny filazana iny, kanefa hatramin'izao dia tsy misy ny famoahana ny taratasy fahazoan-dalana mamily fiara sy ny taratasin'ny fiara hatreto. Nambaran'ireo tompona sekoly fianarana mamily fiarakodia fa tsy manan-kery amin'ny fandoavana fiantohana (Assurance) sy ny fitsarana (visite) fiarakodia ny rosia omena ho "rendez-vous", izay omen'ny ao amin'ny faritany, raha toa ka lany daty ny fifanarahampiantohana sy ny fitiliana ny fiara, izay mampimenomenona ny maro amin'izao faran'ny taona izao. Nanamafy ireo mpanjifa ireo, fa mety misy kolikoly avo lenta indray ao amin'ny faritany ao satria ireo manao fangatahana manokana ihany no hamoahan'ny faritany fahazoan-dalana manokana. Asa raha misy tompon'andraikitra mba hijery ity toe-javatra ity na ahoana ?

Lezama

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao momba ny tolona izay atao ankehitriny, ho amin'ny ady amin'ny fahamarinana eto amin'ny firenena. Misy FANAZAVANA KELY ho ANAREO rehetra izay miteny sy maniry fa HIDINA AN-DALAMBE:

- Aoka hatoky ny mpitarika antsika aloha isika ary hanaiky izay fandaminana atao mba hampety zvtr.
- Efa niteny izy ireo fa tsy hijanona ela ao @ MAGRO fa mila manambatra HERY isika ary tsy mora2 ny sécurité raha sanatria ka higafy reto orange reto, ka handroba dia ny mpitarika sy ny Tim no ho voasoketa.
- Ka miezaka hitarika olona betsaka aloha isika mba ho tonga maro ao @ MAGRO, hitaky ny fahamarinana ho FIALA NENINA satria na andalambe ary io dia betsaka ny tsy ho avy ary maro koa reo zay aparitaky ny polisy, ka tsy ho hita eo intsony ary ho rava maina eo ny fitakiana zay atao ka aleo hoy aho:

HO VONONA MAROBE sy SAHY isika ary ho avy eo ihany ny fotoana.

AOKA MBA HO TONGA HANOHANA ny mpitarika isika indrindra fa i RINA zay miantso antsika.

FA TSY HO TOY NY TEO ALOHA HIJANONA ELA IO AKORY, ka AOKA HIRAY HINA.

TONGAVA MARO NY SABOTSY 21 dec 2019 IZAO ISIKA AO @ MAGRO BEHORIRIKA @ 11H. EO MAHITA NY TOROMARIKA REHETRA HO AMIN'NY MANARAKA.

Ramarotolotra A.
Lot IVN .... Ankaditapaka

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Arovana R.